Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE 07/10/2023 hatramin'ny 14/10/2023

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 78 355 09 / 034 34 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène sociale) 020 22 224 26 / 020 22 699 19 / 034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50 / 033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51 / 034 89 056 09 / 020 85 255 51

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 076 00

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1482-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

MIHEMOTRA HATRANY NY FIRENENA

Ara-toekarena, ara-barotra, ara-bola,...

Mihemotra hatrany ny laharana misy ny firenena malagasy maneran-tany eo amin'ny lafiny lafiny maro isankarazany raha fintinina fohy. Ny lafiny ara-barotra, izay tokony hampalaza sy hampandroso ny firenena, dia efa very tanteraka, satria raha mba manana ny ampy isika eo amin'ny famokarana, fambolena sy fiompiana; dia tsy tazana mihitsy anefa izany noho ireo tandrevaka ataon-drafanjakana manodidina izany, tamin'ny fitondran-dRajoelina izao, ka hatramin'izao. Eo ny eo amin'ny fitrandrahana volamena, ny vary sy lavanila ohatra, izay efa mampimenomenona ny rehetra eo amin'ny vidiny, eo koa ny asa fiompiana omby sy kisoa ary vorona maro karazany, izay efa simba tanteraka noho ny asandahalo, ny tsy fahampiana arabola ho enti-manana sy mikarakara azy ireny, ka manimba ny vidim-piainana manontolo mihitsy raha bangoina tsotra.

Mihorohoro ny vahoaka malagasy araka izany tsy fisiana ara-bola izany, ny kolikoly rahateo manjaka tanteraka ataon'ireo dahalo ambony latabatra, nefa dia mbola matahotra tanteraka ihany koa ny be sy ny maro eo amin'ny lafiny filaminam-bahoaka, noho ity fandrahonana sy herisetra ary fanafihana miparitaka atao amin' ny vondron'ny kandida sy ny vahoaka mpiray dia amin'izy 11 mirahalahy mianaka ireo, nefa dia anaovandRajoelina sy ny governemanta ifarimbonana asan-jiolahimboto tanteraka hoy ny feo voaray tamin'ireto kandida, ary efa fihantsiana mihitsy raha ny akombaovao voaray, satria satrin-dry zareo aza mikorontana dia foana na mihemotra indray ny fifidianana, ka lasa tetezamita, amin' izay fotoana dia mba hahafahandRajoelina miverina mora eo indray hono. Tsy hita intsony izay mampilamin-tsaina hoy ny maro, manampy trotraka izany koa ny faran'ny herinandro teo, ny fampiharana ny tsy fahafahana mivoaka alina "couvre feu ", izay mahagaga ny rehetra mihitsy, satria toa petatoko fotsiny ihany raha ny fijerena azy, lalàna mivoaka nefa toa tsy mihàtra araka ny tokony ho izy akory fotoana vitsy taty aoriana : tsy fahazoana mivezivezy tamin'ny alina ora vitsy fotsiny dia nofoanana. Lasa fampitahorana ireo mpaneho hevitra, mpidina andalambe ny zandary, miaramila sy polisy na EmmoNat izany, nefa dia tsy miaro vahoaka marobe izy ireo, fa dia ilay laharana faha-3 matahotra ny mpifaninana aminy sy mpiaro ny mpiray dia aminy no tompoiny. Tadidio, fa efa nisy ny F.R. S, sy Resep fahiny, fa rehefa misafoaka ny vahoaka na mipoaka ny ady, dia tsy mankaiza izy ireny, sady ny polisy sy miaramila sasantsasany, efa mihataka moramora amin'ny ataon'ny zandary ihany raha jerena.

Ny filohan'ny Antenimierandoholona aza nilaza, fa fandrahonana sy herisetra ireny, tokony hajanona, fa miteraka korontana sy lolom-po hoy hatrany ny teniny, mila fitoniana tanteraka mihitsy satria toa lasa manimba ny Zon'olombelona sy krizy mampihemotra lavitra ny firenena indray. Tsorina, fa na ny vahoaka mpampiasa jiro sy rano, na ireo mpianatra eny amin'ny Oniversite, ny mpampianatra avy amin'ny Seces efa manao fitokonana lavareny, na ireo mpiasa mba manana anton'asa mazava, dia efa mihorohoro tanteraka noho ny fidiram-bola tsy ampy, tsizarizary, ny vatsim-pianarana tsy omena amin'ny tokony ho izy, miasa amin'ny maizina tsy misy rano azo ampiasaina, sns… Efa leo tanteraka ity fitondrana VAHINY mpanao jadona manarapenitra ity mihitsy ny maro, tsy vitsy ireo manatevina ny tolona izay ataon'ny kandidà 11, mba hialana amin-dry Rajoelina sy ry Ntsay Christian sy ny forongony, mpanao famoretana, mpandainga, mpanongam-panjakana, sy tsy mitsinjo vahoaka ireo.

Beharo

Fikambanana Tsiky kely

Hanomana alim-pandihizana hanohanana ny hetsika Fandroana an-driaka

Hikarakara alim-pandihizana goavana, izay hatao etsy amin'ny "Hotel Restaurant Le Louvre" Antaninarenina ny sabotsy hariva 14 Oktobra 2023 ho avy izao, ny fikambanana Tsiky kely hahafahana manangona vola hoentina hanatanterahana ny fomban-drazan'ny foko Antemoro antsoine hoe "Fandroana an-driaka", izay hotanterahina any amin'ny Distrikan'i Vohipeno amin'ny faran'ny taona 2023 ho avy izao. Nanazava Ramatoa Nicole filohan'ny fikambanana Tsiky kely, fa ny hetsika "Fandroana an-driaka" dia vavaka tanterahina eny amoron-dranomasina tarihin'ireo Andriambe avy amin'ny foko Anakara Antemoro, ka rehefa avy nanatanteraka fahadiovana avy eny amoron-dranomasina dia mihazo ny ranomamy iray hafa, ka mangataka tso-drano avy amin'ny Andriambe amin'ny alalan'izany rano izany avokoa ny vahoaka rehetra. Nanamafy ny filohan'ny fikambanana Tsiky kely, fa ny Katibo no mamaritra ny vintana sy ny fotoana hanatanterahana ny "Fandroana an-driaka" ary manodidina ny volana Desambra isaky ny faran'ny taona no hanatanterahana ny hetsika matetika, miankina amin'ny tononon'andro mivoaka. Ankoatran'ny alim-pandihizana dia hisy ny famelabelarana ny kolontsain'ny foko Anakara Antemoro, izay hatao etsy amin'ny Zaridaina Antaninarenina ny sabotsy ho avy izao, ka ny fampahafantarana ny fomban'ny foko avy any amin'ny Distrikan'i Vohipeno no tanjon'ny hetsika koa dia manasa ny daholobe ny fikambanana handray anjara amin'ny tolo-tanana, ho fanohanana ny fomba "Fandroana an-driaka".

Franck Razakambelo

Ireo avy amin'ny fikambanana Tsiky Kely.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 446



BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0445)

Mitsivalana
- Rahavavy
- Ireny
- Vinavina
- Osa – Tany (miv)
- TV – Ony (miv)
- Rerak(a) – TD
- Atao – Toy

Mitsangana
- Rivotra
- Sira (miv) – Te (miv)
- Henatra
- Ana – Vao
- Vivy
- Iny
- Vinanto
- Atody

TENY MIFANAPAKA N° 446



Mitsivalana

1. Fanomezana an-tsitrapo **2.** Tsirin-teny Iharana – Solfa **3.** Lalao farany ahitana izay tompondaka **4.** Mpimasy – Efatra Romana **5.** Bibikely – Lio – Tsy sahy intsony **6.** Atao milahatra tsara – Kilaometatra **7.** Tendron'ny fandrefesana - Miaraka amin'ny atsy **8.** Fotoana – Taova **9.** Niasa – Fitsaboana **10.** Mari-bola – Natsahatra (miv)

Mitsangana

A. Sampana ao amin'ny finoana **B.** Hazandrano **D.** Nanatsara ny simba **E.** Milaza fananana – Karazana mofo (BR) **F.** Tsy salama – Toerana **G.** Raharaha ataonao **H.** Hita eo amin'ny lakroa (miv) – Fiandohan'ny aretina – Marina (miv) **I.** Aiza – Matoanteny (miv) **J.** Nisondrotra ambony **K.** Misokatra (miv) – Tampisaka (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0445

Mitsivalana
1. Fanorenana 2. Iva - Enina 3. Rina - Toy (miv) 4. Naoty - Foza 5. Ro - Sakay 6. Roa - (S)aina 7. Antitra - SG 8. Niala - Ota 9. Navela 10. Ovay - Monja

Mitsangana
A Fianaranao B. Avia - Ony D. Nanoratana E. Ato - Ilay F. Re - Vata (miv) G. Eny - Sir(a) H. Niofana - Lo I. Antoka - Nao (miv) J. Na - Za(to) - ST K. Haingana